APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

n° 54

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara | Mivoaka isaky ny telo volana | Jona 2022

# AHEMOTRA NY FOTOAM-PANATODIZAN'NY KARPA



**Analamanga**

## Fiantraikan'ny haintany amin'ny famokarana zana-trondro (P. 2)

## Vokatry ny fanadihadiana mikasika ny fanemorana ny fampanatodizana karpa (P. 4)

**Itasy**

## Mamerina ny fampanatodizana hahamora ny fivarotana zana-trondro (P. 5)

Région Nouvelle-Aquitaine | AFD | Fondation Lord Michelham of Hellingly | Financé par l'Union européenne | coopération allemande DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT | Mis en œuvre par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH | Région Normandie

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly manolotra anareo ity laharana vaovao ity ny ekipan'ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro ».

Liana amin'ny fampifanarahan'ny tantsaha ireo teknika fiompiana trondro amin'ny zava-misy ny APDRA, izany hoe ireo vokatry ny fikarokarohan'ny tantsaha eo amin'ny lafiny fiompiana trondro. Araka izany dia niara-niasa ny mpiompy trondro, ny ivotoeram-pikarohana sy ny APDRA ahafahana mahazo, mamaritra sy manaparitaka raha ilaina ireo voka-pikarohana izay mahavaha ny olan'ny tantsaha. Ahafahana mampitombo ny fahalalana sy mampivoatra ny fanjohiana ataon'ny ekipa izany. Ny taona 2016 no efa nifantoka tamin'ny fanemorana ny fotoam-panatodizan'ny karpa fanaon'ny mpiompy trondro sasany ny APDRA. Ahafahana mampifanaraka ny fisian'ny zana-trondro karpa any amin'ny mpamokatra sy ny fahampian'ny rano ao an-tanimbarin'ny mpanatavy ny fanemorana ny fotoam-panatodizana. Amin'izao tranga fiovaovan'ny toetrandro faobe iainana ankehitriny izao dia ahazoana miandry ny fahatongavan'ny fotoanan'ny orana izay mihatara hatrany io teknika io. Nisy ny fiaraha-miasa tamin'ireo mpiompy trondro mampihatra io fanemorana fampanatodizana io hahafahana mahazo tsara sy mampahafantatra izany ny hafa. Isaoranay manokana etoana ireo mpiompy trondro izay nanaiky ny hizara ny fahaiza-manaony sy ny fahalalany hampandrosoana ny mpiompy trondro malagasy rehetra !

Hohitanao ato anatin'ity laharana ity ny vokatr'izany fikarohana izany. Aza misalasala àry ianareo izay te hanandrana io teknika io manatona ny ekipan'ny APDRA !

Mamakia finaritra !

**Ny ekipan'ny FMT**

# LOHAHEVITRA : Ahemotra ny fotoam-panatodizan'ny karpa

### Analamanga

## Fiantraikan'ny haintany amin'ny famokarana zana-trondro

*Roa taona nifanesy izay no nihatara ny fiavian'ny fotoanan'ny orana teto Afovoan-tany, voakasik'izany ny faritra Analamanga izay iasan'ny tetikasa AMPIANA 2. Manitatra ny fotoanan'ny haintany hatrany amin'ny volana novambra-desambra io fahatarana io.*

Nanomboka tamin'ny orambe nandritra ny andro vitsivitsy ny volana novambra 2021, narahin'ny haintany naharitra herinandro maromaro. Tamin'ny desambra 2021, nihalava ny haintany ka 40 isan-jaton'ny salan'ny rotsak'orana isam-bolana ihany no voamarika. Vokatr'izany dia maro ireo mpiompy no tsy afaka nampiditra trondro tao an-tanimbariny talohan'ny volana janoary, kanefa ao anatin'ny volana septambra-oktobra no tena fanatodizan'ny karpa. Hiandrasana ireo mpividy dia voatery nitahiry zana-trondro araka izany ny mpamokatra. Ny tena olana dia misy amin'ireo mpamokatra no tsy ampy rano hitaizana ny zana-trondro aorian'ny fanatodizana. Misy koa ireo tranga hafa ahitana fidinan'ny rano izay nampihena ny sakafo voajanahary misy ao an-tanimbary hany ka mampiakatra ny maripanan'ny rano ary nahafaty zana-trondro betsaka.




*Maina ny tanimbarin-dRafanomezantsoa Njivasoa tamin'ny desambra 2021*

Ny fanadihadiana natao tamin'ireo mpamokatra zana-trondro mpisitraka ny andiany voalohany amin'ny tetikasa AMPIANA (2014-2019) tamin'ny taona 2021 dia naneho fa tsy afaka namokatra zana-trondro ny 28 isan-jato amin'izy ireo ary latsaka amin'ny vokatra teo aloha no azon'ny 25 isan-jato. Ny tsy fisian'ny rano sy ny halatra no olana fototra voalaza fa tsy mampisy na mampidina ny vokatra. Tao amin'ny faritra Analamanga ohatra dia vinavinain'ny ekipan'ny tetikasa ho 30 ka hatramin'ny 40 isan-jaton'ny zana-trondro vokatra no very nohon'ny tsy fisian'ny rano.

Izany indrindra no iainan-dRafanomezantsoa Njivasoa, mpiompy trondro ao amin'ny kaominina Viliahazo, sy ireo mpiompy trondro 6 iray fokontany aminy : « *Teo aloha dia nahavita namokatra zana-trondro 10 000 aho raha kely indrindra, fa tamin'ity taona ity dia maty daholo ny zana-trondroko tamin'ny volana septambra vokatry ny faharitan'ny rano tao an-tanimbary. Very ihany koa ny ampahany tamin'ny ray sy renintrondroko. Renintrondro vitsivitsy no mba voavonjiko notahirizina tao anaty dobo kely izay mbola nisy rano.* » Ho an'ireo mpiompy trondro, toa an'i Njivasoa, izay mahavita mitahiry ray sy renintrondro karpa na dia tsy misy aza ny rano dia vahaolana hiatrehana ny fahataran'ny orana ny fanemorana ny fotoam-panatodizana.

# LOHAHEVITRA : Ahemotra ny fotoam-panatodizan'ny karpa

### Atsinanana

## Fampanatodizana nanahirana vokatry ny hafanana tafahoatra

*Resahin-dRajaonarizanany Jean Martial ny olana nosedrainy tamin'ny fotoana nampanatodizany ny renintrondro karpany-32 taona izy, mpiompy trondro ao Ambohimiadana, kaominina Tsarasambo, distrikan'i Vatomandry.*

« Tamin'ny 2018 aho no nanatavy ny zana-trondro voalohany nomen'ny APDRA sy ireo mpiompy trondro mpiray vondrona amiko. Roa taona taty aoriana aho vao nanajary dobo kely fampanatodizana sy fitaizana zana-trondro mirefy 50 $m^2$ sy manana halalina 60 sm, izay nahafahako nampihatra ireo teknika famokarana zana-trondro karpa avy tamin'ny mpanentana sy ny mpiompy manodidina.



*Rajaonarizanany Jean Martial ao an-dobony*


Nisedra olana lehibe anefa aho tamin'ny fotoam-pamokarana farany teo, vokatry ny hafanana tafahoatra nandritra ny volana septambra sy oktobra. Renintrondro 5 milanja 1 kg avy no nomaniko hampanatodizina amin'ny oktobra. Maty ny iray tamin'ny renintrondro toy izany koa ireo raintrondro 3 nampiasaina satria nafana loatra ny rano tao an-dobo fampanatodizana. Rehefa nojereko ny renintrondro 4 ambiny dia hitako fa simba daholo ny atody rehetra tao anatiny. Soa ihany fa telo volana taty aoriana dia nihalehibe indray ny kibon'izy ireo [Izany hoe vonona hanatody indray izy ireo] ary antenaiko hahazoana zana-karpa ny fampanatodizana azy ireo amin'ity fotoam-pamokarana 2021-2022 ity ». Tsy vitan'i Jean Martial ny nampanatody ireo renintrondro roa ireo. Naveriny tao anaty dobo barazy mbola be rano ireo ka nanatody tamin'ny fomba voajanahary ary vitsy ny zana-trondro azo tamin'ny farany.

### Afovoan-tany


## Fivoaran'ny fotoam-panatodizan'ny karpa

Araka ny toromarika ara-teknikan'ny FAO, natao tamin'ny taona 1970-80 ho an'ny fiompiana karpa eto Afovoan-tanin'i Madigasikara dia amin'ny fotoana fiakaran'ny maripana ny fotoam-panatodizana : ny faran'ny aogositra hatramin'ny fiandohan'ny desambra, ka ny volana oktobra no ivon'ny fanatodizana (fanatodizan'ny ankamaroan'ny karpa). Raha ny antontanisa nangonin'ny APDRA tato anatin'ny 10 taona lasa dia manomboka ny volana jolay hatramin'ny febroary, eny hatramin'ny martsa aza (jereo ny sary 1) ny fotoam-panatodizana. Araka ireo antontanisa ireo ihany anefa dia tsy miova loatra ny ivon'ny fanatodizana : eo amin'ny volana oktobra eo hatrany ka eo anelanelan'ny volana septambra sy ny novambra no isian'ny 80 hatramin'ny 90 isan-jaton'ny fanatodizana, na hita tena mihena aza ny rano hatramin'ny volana desambra.

Araka ny voalazan'ny lahatsoratra teo aloha, misy fiantraikany tena ratsy amin'ny vokatra zana-trondro azo amidy io tsy fisian-drano io. Ny ampahatelon'ny mpamokatra miisa 1 000 narahin'ny APDRA tamin'ny 2020-2021 no tojo olana ara-pamokarana. Ary ny ampahafolon'izy ireo tsy nahavokatra zana-trondro. Manoloana izany dia nisy tamin'ireo mpiompy trondro no nampifanaraka ny fomba famokarany tamin'ny zava-misy. Araka izany dia vitan'ireo mpiompy trondro ao amin'ny fokontany Andranomena (kaominina Mandritsara, distrikan'i Betafo, faritra Vakinankaratra) ny nampihemotra ny ankamaroan'ny fanatodizana mba hifanaraka amin'ny fiavian'ny orana, ny volana desambra. Tsy ivom-panatodizana tokana mpitranga ny volana oktobra intsony no voamarika tany amin'izy ireo fa ivom-panatodizana roa : oktobra ny voalohany ary desambra ny faharoa (jereo ny sary 2). Vokatr'izany dia nahavita nanohy ny famokarana zana-trondro, nampiakatra ny vokatra mihitsy aza, ireo mpamokatra ireo. Ahazoany tombony ara-toekarena io teknika io satria rehefa manomboka ny fotoanan'ny orana no betsaka ny mpividy zana-trondro.



*Sary 1: Fotoam-panatodizan'ny karpa any amin'ireo fari-piasana eto Madagasikara teo anelanelan'ny 2011 sy 2021 (miloko mainty ny ivom-panatodizana ; kajy mifototra amin'ny fanatodizana miisa 5 603)*



*Sary 2 : Fotoam-panatodizan'ny karpa any amin'ny mpamokatra manao fanemorana fampanatodizana teo anelanelan'ny taona 2016 sy 2021, ivom-panatodizana roa dia ny volana oktobra sy desambra (miloko mainty ny ivom-panatodizana ; kajy mifototra amin'ny fanatodizana miisa 316)*

## LOHAHEVITRA : Ahemotra ny fotoam-panatodizan'ny karpa

# Vokatry ny fanadihadiana mikasika ny fanemorana ny fampanatodizana karpa


Ny fanemorana fampanatodizana dia ny fampanatodizana karpa aorian'ny ivon'ny fotoana fanatodizany, mpitranga eo anelanelan'ny septambra sy novambra eto Madagasikara. Nisy ny fiaraha-miasa tamin'ireo tantsaha mpamokatra zanakarpa tao amin'ny faritra 3 teto Madagasikara (Matsiatra Ambony, Vakinankaratra sy Itasy) mba hahafahana mahazo tsara sy mampivoatra io teknika io. Mpiompy trondro 60 no nandray anjara tamin'izany, nahafahana nanara-maso ny tsingerim-panatodizana karpa miisa 420 teo anelanelan'ny taona 2017 sy 2020. Io asa io no nahazoana naneho fa :

- Fomba roa no azo ampiasaina hampiharana ny fanemorana fampanatodizana : (i) ny fanalavana ny fitahirizana izay ahafahana mampihemotra ny fanatodizana voalohany hatramin'ny faran'ny fotoam-panatodizana sy (ii) ny fampanatodizana miverina izay hahafahana mampanatody fanindroany ny renintrondro iray. Fomba 3 araka izany no azon'ny mpiompy trondro atao hampanatodizana renintrondro efa matoy : ny fampanatodizana amin'ny fotoana mahazatra, ny fanalavana ny fitahirizana izay ahazoana fanatodizana tara sy ny fampanatodizana miverina (aorian'ny fanatodizana voalohany « mahazatra »).
- Tsy misy fiantraikany ratsy amin'ny kalitaon'ny atody sy ny olitra ny fanemorana fampanatodizana.
- Azo avy amin'ny fanalavana ny fotoana fatorian'ny tsirinaina vavy ny fanemorana fampanatodizana. Azo atao araka izany ny mitahiry ny renintrondro izay tsy maintsy hanajana fepetra maro : fitanana ny kalitao ara-toetra sy simikan'ny rano (salan'ny maripana latsaky ny 22° C, tsy miovaova, rano tsy ahitana fiovana tampoka) sy fampihenana ny isa sy ny fatran-tsakafo fanome ny trondro.
- Mampitombo isa ny fanatodizan'ny renintrondro iray ao anatin'ny taona iray ny fametrahana azy, aorian'ny fanatodizany voalohany, amin'ny toerana mafana, miaraka amin'ny sala-maripana mihoatra ny 22° C (maripana eo anelanelan'ny 25 sy 30° C no tena tsara) sy loharanontsakafo be proteina.
- Mety ho roa hatramin'ny efa-bolana ny elanelana eo amin'ny fanatodizana roa raha apetraka anaty tanimbary masaka sy kely hakitroka ny renintrondro, fahanana sakafo be proteina koa izy raha be hakitroka.




*Fanalana ny tsirinain'ny renintrondro amin'ny alàlan'ny* pipelle de Cornier

### Fikarakarana renintrondro araka ny fomba fampanatodizana safidina



# LOHAHEVITRA : Ahemotra ny fotoam-panatodizan'ny karpa

### Itasy

## Mamerina ny fampanatodizana hahamora ny fivarotana zana-trondro

*Rakotozanany Armand, mpamokatra zana-trondro ao Ambohimanana, kaominina Soavinandriana, dia nampihatra ny fanemorana fampanatodizana tamin'ny taona 2021 hahamora ny fivarotany ny zana-trondrony.*

Voatery nampiasa renintrondro vitsy i Armand vokatry ny tsy fahampian'ny rano mandritra ny fotoam-pamokarana zana-trondro. Tamin'ny tapaky ny volana aogositra no nampanatody ny 2 tamin'ireo izy satria io no fotoana fanatodizany. Zana-trondro 12 500 no azony kanefa sarotra ny nivarotra izany vokatry ny tsy fisian'ny rano tany amin'ireo mpanatavy manodidina.

Taorian'ny fanatodizana, notahirizin'i Armand tamin'ny toerana voaara-maso tsara, hanaovana fampanatodizana faharoa ireo renintrondro 2. Nomasahany nandritra ny iray volana sy tapany tamin'ny apombom-bary malemy 1 daba (tokony ho 10 kg) nafangaro tamin'ny zezika 3 sobika ny rano. Nofahanany tamin'ny poti-bary masaka 2 kapoaka isaky ny 2 andro, sy votry tapa-tsiny isaky ny 3 andro ihany koa ny renintrondro. Tsikariny fa niova ny kibon'ireo renintrondro ka notohizany ny fikarakarana. Iray volana taty aoriana, vonona tsara izy ireo ka nirosoany ny fampanatodizana faharoa. Nizotra tsara ny fampanatodizana na dia 5 andro taty aoriana vao nanatody ireo renintrondro. Nitovy tamin'ny fatran'ny atody nivoaka tamin'ny fanatodizana voalohany no azo tamin'ny fanatodizana faharoa. Zana-trondro 3 500 ihany anefa no azony satria tsy ampy ny rano ka tsy nahafahany nandritra ny tanimbary fitaizany zana-trondro sy nifehy ny fiparitahan'ny fahavalon'ny trondro mandritra ny volana novambra sy desambra.

Afa-po tamin'ny teknika nampiasaina sy ny vokatra azony i Armand. Tamin'ny desambra-janoary, maro ny mpanjifa ka mora taminy ny nivarotra ny zana-trondrony. Na dia vao voalohany aza no nampiasainy io teknika io dia vonona ny hanohy izany izy amin'ny taom-pamokarana manaraka. Mihevitra koa izy fa tsy mila renintrondro betsaka : ampy amokarany tsara ireo efa ananany raha voakarakarany tsara. Manantena ny hanao fampanatodizana intelo misesy mihitsy izy ao anatin'ny fotoam-pamokarana manaraka.




*Mampiseho ny iray amin'ireo renintrondrony i Armand*

### Vakinankaratra

## Manatsara ny fampanatodizana miverina avy amin'ny teknikam-pamokarana ampitain'ny APDRA

*Mizara ny traikefany amin'ny famerenana ny fampanatodizana renintrondro iray ao anatin'ny fotoam-pamokarana iray Ralaivao Raherinirina atao hoe « Rahery » sy ny vadiny Razafy Mathilde Ravao Thérèse antsoina hoe « Zaklina » ao Ambohimiarina Antanambe, kaominina Vinany, distrikan'i Mandoto.*

« Mampihatra ny teknikan'ny fampanatodizana indroa izahay hatramin'ny 2005, taona nanombohanay namokatra zana-trondro. Ny volana aogositra ny fampanatodizana voalohany ary septambra ny faharoa. Mba hahazoana io fanatodizana faharoa io dia sarahinay ny ray sy ny renintrondro aorian'ny fanatodizana voalohany. Atao anaty dobo nohamasahana tamin'ny tain'omby ny renintrondro ary omena poti-tsakafo masaka. Iray volana aty aoriana, tsinana ny volana tamin'izay, vonona ho amin'ny fampanatodizana faharoa ny renintrondro. Ahazoanay zana-karpa 450 isan-dreniny ny renintrondro 2 amin'ny fanatodizana voalohany ary 50 amin'ny faharoa. Kely ny vokatra zana-trondro karpa satria teknika nentim-paharazana no nataonay.

Niara-dàlana taminay ny APDRA tamin'ny taona 2019 ka natorony anay ny teknika tsara : ny fisafidianana ny ray

## LOHAHEVITRA : Ahemotra ny fotoam-panatodizan'ny karpa

sy ny renintrondro, ny fampiasana dobo sy talatalana fanatodizana, ny famahanana, ny fanamasahana, sns. Tsapanay tamin'ny fampiharana ireo teknika nohatsaraina ireo fa nitombo ny vokatra azonay na dia vitsy aza ny renintrondronay.

Amin'izao fotoana izao dia renintrondro iray no ampiasainay ka nahazoanay zana-trondro 12 000 ny fanatodizana voalohany ary 4 500 ny faharoa. Anisan'ny nampitombo ny vokatra ny fanomezana sakafo toy ny soja sy ny kobam-bary.

Mametra-panontaniana izahay hoe manao ahoana ny fitombon'ny zana-trondro avy amin'ny fanatodizana faharoa satria misy mpanjifa milaza fa tsy mitombo tsara izy ireo ? »

Valin-tenin'ny APDRA : Hamaliana io fanontaniana farany io, araka ny fanadihadiana nataonay dia tsy mbola nisy mpiompy trondro nampihatra ny fampanatodizana miverina nilaza taminay fa tara ny fitombon'ireo zana-trondro. Mbola hotohizanay ny asa mikasika ny fanemorana fampanatodizana ka hampahafantarinay anareo ny vokatra manaraka.




*Manara-maso ny renintrondrony Rahery sy ny vadiny*

### Matsiatra Ambony

# Manatsara ny fahazoana rano hahafahana mampihemotra ny fampanatodizana

*Rakotonirina Tongavao Gilbert atao hoe « Mbaha » dia monina ao Ambalabetsila, kaominina Andoharanomaitso, distrikan'Isandra. Nanandrana nanao fanemorana fampanatodizana izy hiatrehana ny vokatry ny fiovaovan'ny toetrandro.*

**FMT : Azonao resahina anay ve ny fanemorana fampanatodizana ataonao ?**

**Mbaha :** Mampihatra ny fanemorana fampanatodizana aho hatramin'ny taom-pamokarana 2019-2020, rehefa nahazo fiofanana tamin'ny APDRA. Nahazoako zana-trondro 25 000 ny renintrondroko roa. Nahazoana zana-trondro 10 000 ny renintrondro iray tamin'ireo tamin'ny fotoana fanatodizany ary zana-trondro 15 000 no azo tamin'ny iray nanatody tara, tamin'ny volana janoary. Tena faly aho nahazo ireo zana-trondro ireo na dia somary nihena ny vokatra nandritra ny fotoam-panatodizana mahazatra vokatry ny tsy fisian'ny rano sy ny hafanana tafahoatra. Niara-niasa tamin'ny mpanentana sady teknisiana aho na dia tsy nandalo matetika taty aza izy ireo. Nantsoiko an-telefaonina izy ireo ary nihaona tamin'izy ireo aho amin'ny fandalovany hiresahana ny fanemorana fampanatodizana. Nanoro hevitra ahy hiara-hiasa amin'ireo mpamokatra zana-trondro roa efa manana traikefa eto an-tanàna ihany koa izy ireo.




*Ny dobo famokaran'i Mbaha*

## LOHAHEVITRA : Ahemotra ny fotoam-panatodizan'ny karpa

**FMT : Inona no olana nosedrainao nandritra izay fotoana izay ?**

**Mbaha :** Tamin'ny taom-pamokarana 2020-2021, nanana olana tamin'ny fahazoana rano aho ary tapa-kevitra fa hampihemotra ny fanatodizan'ny renintrondroko roa ho amin'ny volana desambra-janoary. Io olan'ny rano io ihany no nahavoatery ahy hanamboatra maika dobo fitahirizana voalalotra simenitra hahafana manara-maso akaiky ny zana-trondroko sy mifehy ny rano. Tsy mbola maina tsara anefa ny simenitra nanaovana ilay dobo ka maty daholo ny zana-trondro nafindra tao. Tamin'ny fotoam-pamokarana manaraka, 2021-2022, tsy nety nampanatodizina tara ny renintrondroko satria nihamafy ny fiantraikan'ny hafanana sy ny tsy fisian'ny rano.

**FMT : Ahoana no azonao anatsarana ny famokarana manaraka ?**

**Mbaha :** Tapa-kevitra ny hanova tanteraka ny toeram-pamokarako aho. Hanamboatra barazy vita amin'ny tany hamatsiana rano ny tanimbary fiompiako miaraka amin'ny ray aman-dreniko. Hasainay handray anjara amin'ny fandaniana ilaina na hiara-hanao ny fanamboarana ny mpiara-monina satria ny rano azo dia mety hanondrahana ny tanimbarin'izy ireo. Tokony hamafisina ihany koa ny loharano amin'ny alàlan'ny fanadiovana sy ny fiarovana azy amin'ny rano riaka. Raha tanteraka ireo rehetra ireo dia mino aho fa hihatsara sahady ny fahazoako rano amin'ity taona ity.

### Amoron'i Mania

# Andrana fampiarahana ny fanemorana sy ny famerenana ny fampanatodizana

*Miara-mamokatra zana-trondro i Masivelo atao hoe « Raondy » sy ny rahalahiny Razafimaharavo antsoina hoe « Nondra », ao Anivotanimbary Ambohibolamena, kaominina Ambatomarina. Nanandrana nampihemotra ny fanatodizan'ny karpany izy ireo ka milaza ny vokatra azony.*

« Nanomboka niara-niasa tamin'ny APDRA izahay tamin'ny 2018. Tsy ampy ny rano amokarana zana-trondro tamin'ny 2020. Nilaza ny mpanentan'ny APDRA tamin'izay fa azo atao ny mampihemotra ny daty fanatodizan'ny renintrondro ary hisy olona avy amin'ny APDRA mahalala tsara io teknika io hitsidika anay. Mandra-piandry io vahiny io dia tsy nampanatodizinay toy ny mahazatra (tapaky ny volana aogositra sy fiatombohan'ny septambra) ny renintrondro 6. Notahirizinay tao anaty rano tena vao ireo renintrondro ireo. Tonga taty aminay ny tomponandraikitry ny fikarohana mikasika ny fanemorana fampanatodizana sy ny ekipan'ny APDRA Amoron'i Mania ary nanazava ny teknika fanemorana fampanatodizana sy ny teknika fahazoana fanatodizana fanindroany ao anatin'ny taona iray.

Taorian'io fitsidihana io no nampiarahanay ireo teknika roa ireo. Notahirizinay tao anaty dobo mirefy 12 m$^2$ manana halalina 2,5 m ny renintrondro 5 hanaovana fampanatodizana tara sy fampanatodizana miverina avy eo. Nasianay renintrondro iray izay hanaovana fanatodizana tara fotsiny tao anatin'ny dobo iray hafa mirefy 3 m$^2$ manana halalina 1 m. Kely ny fatran-tsakafo nomena ireo renintrondro 6 ireo nandritra io fotoam-pitahirizana lava io, araka ny torohevitry ny mpanentana. Nampanatodizinay ny renintrondro 5 izay natao hanatody fanindroany tamin'ny volana oktobra sy ny renintrondro hoampanatodizina tara fotsiny tamin'ny novambra 2021. Nihemotra 1 hatramin'ny 2 volana araka izany ny fotoam-panatodizan'ireo renintrondro ireo. Tsara ny vokatra azonay tamin'ireo fanatodizana voalohany nahemotra ireo. Tsy nisy toerana anaovanay fampanatodizana fanindroany intsony anefa, feno ireo zana-trondro azo tamin'ny fanatodizana voalohany ny tanimbarinay rehetra.

Zana-trondro miisa 4 700 no lafonay hatreto [04 martsa 2022]. Mbola maro ny ao an-tanimbarinay hiandrasana mpividy. Volana martsa sy aprily ireo mpividy no tena betsaka aty aminay : miandry ny ranon'orana mety hanafotra ny tanimbary ho dify vao manomboka manatavy. Mba hahazoana mivarotra zana-trondro amin'ny fotoana izay tena ilàn'ny mpanatavy azy dia mbola tianay hahemotra hatramin'ny volana janoary na febroary ny fanatodizan'ny karpa. »





*Mahafaly an-dRaondy sy Nondra (eo afovoany) ny vokatra azony*

# SAMIHAFA

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



1. Sakana na sedra tsy ahafahana miroso
2. Tsy fisiana na tsy fahampian'ny rotsak'orana mandritra ny fepotoana iray
3. Asa atao hitadiavana zavatra miafina na tsy fantatra
4. Famindrana ny zavatra iray amin'ny fotoana manaraka
5. Fampanarahana ny lahy sy renintrondro
6. Ilazana ny fiverenana fanindroany
7. Olona miaina eny ambanivohitra ary mivelona amin'ny fiompiana sy fambolena

***Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 53***

*1. Trondro*
*2. Fiompiana*
*3. Fitaovana*
*4. Famokarana*
*5. Torohevitra*
*6. Fitantanana*
*7. Tombontsoa*




## Bolety saonjo

***Fangaro :***

*Saonjo 1 kg*
*Trondro salantsalany (vao na maina) 3 na 4*
*Tongolo maitso*
*Menaka*

***Fikarakarana***

1. Masahana aman-kodiny ny saonjo
2. Voasana ny saonjo vao potsehina
3. Masahana ny trondro vao alaina sy potsehina ny nofony
4. Tetehina madinika ny tongolo maitso
5. Afangaro ny akora rehetra ary asiana sira sy lafarinina kely hampitambatra azy
6. Mamolavola bolety ary endasina avy eo

Mazotoa homana ô !

*Source : Recette de l'Office Régional de la Nutrition Itasy*



**Source : https://www.freepng.fr**

*Bolety saonjo*

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*

Barbara Bentz

*Tonian'ny Fanoratana*

Sidonie Rasoarimalala

*Mpanoratra*

Patrick Fanomezantsoa
Clémentine Maureaud
Rajaonarivelo Feno Zaka
Donatien Razafindratsiry
Rosalie Razafimatoa
Rakotomalala Andonirina L. W.
Julien Sadousty
Arnaud Samy